# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Desambra 2018

# 12 Alarobia desambra

**Ary izay mahatoky amin'ny kely indrindra dia mahatoky koa amin'ny be.** Lioka 16. 10

**Mitady zavatra lehibe ho anao va ianao ? aza mitady izany !** Jeremia 45. 5

## Mahatoky amin'ny fanompoana an'Andriamanitra

Efa ela i Julie no liana tamin'ny tantaran'ireo misionera mandeha lavitra, izay feno finoana sy fahafoizan-tena. Indray hariva dia nandray fanapahan-kevitra lehibe izy : „Tompo ô, izaho koa mba hanokana ny fiainako ho Anao. Atoroy ahy izay tianao hataoko”. Ary dia niandry izy, feno fihetsehampo. Inona no misiona lehibe hankinin'Andriamanitra aminy ? Diso fanantenana tanteraka anefa izy, satria tsy nisy na inona na inona nitranga. Nitohy ny fiainana.

Misy mpifanolo-bodirindrina amin'i Julie, kizintina sy tsy mahatehotia, matetika mampanao zavatra madinidinika azy, kanefa tsy mba misaotra mihitsy ! Ary any am-piasana dia sahiran-tsaina i Julie, mandritra ny tontolo andro.

Indray hariva namaky Baiboly i Julie, dia nifantoka ny masony, efa reraka, teo amin'ny teny hoe : „mahatoky amin'ny kely indrindra”. Ary takany tampoka teo fa mizaha toetra azy Andriamanitra. Amin'izao ankehitriny izao aloha, dia tiany i Julie haneho finoana, fitiavana, fahafoizan-tena amin'ny zavatra madinika. Toy izany no anomanany azy hanao zavatra lehibe kokoa, any aoriana.

Ny fitiavana mitarika hikarakara mpifanolo-bodirindrina tsy mahatehotia ve, amin'Andriamanitra, tsy sarobidy toy ny fitiavana manosika mpanompo iray handeha any amina saha misiona ? Ary ny finoana manankina amin'Andriamanitra ny zavajavatra kely manahirana andavanandro ve, tsy mitovy toetra ihany amin'ny finoana manampy ny misionera any lavitra any, hisedra am-pahatoniana ny zava-tsarotra ?

Ry kristiana, aoka isika hianatra haneho amin'Andriamanitra ny finoantsika sy ny fitiavantsika, amin'ireo zavatra bitika eo amin'ny fiainana andavanandro. Angamba Izy, any aoriana any, hanankina asa misiona lehibe kokoa amintsika.